



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana



ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPUBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-166

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLO-DALANA LAHARANA FAHA-003-2021/PL TAMIN'NY 3 JONA 2021 «MODIFIANT ET COMPLETANT CERTAINES DISPOSITIONS DE LA LOI N°2011-002 DU 15 JUILLET 2011 PORTANT CODE DE LA SANTE, PRESENTEE PAR LE DEPUTE VONINAHITSY JEAN EUGENE, ELU A MORAFENOBE»

Fivoriana faha-8
Natao ny
Alakamisy 4 Novambra 2021
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

MPITANTSORATRA: -Andriamatoa RAZAFITSIANDRAOFA Jean Brunelle
-Ramatoa ANGELE Solange

FOTOANA: Alakamisy 4 Novambra 2021, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro.

FANDARAHAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny tolo-dalàna laharana faha-003-2021/PL tamin'ny 3 Jona 2021 «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé, présentée par le Député VONINAHITSY Jean Eugène, élu à Morafenobe».

Nitohy ny Alakamisy 4 Novambra 2021, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana ho fanamarinana ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka tonga nivory. Ramatoa ANGELE Solange no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza eo ambony, Andriamatoa Filoha.

Nanao satroka Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, rehefa izany ary nilaza sao tokony hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana ity tolo-dalàna ity satria vitsy ny Solombavambahoaka manatrika ny fivoriana.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa tsara raha vakiana aloha ny tatitra ahafantaran'ny mpivory izay voalaza ao anatin'ny.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Andriamatoa Filoha, hamaky ny tatitra tany amin'ny asam-baomiera.

Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia faha-27 Oktobra 2021 tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2021-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé», natolotr'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Morafenobe.

Andriamatoa RAJAABELINA Lova Herizo, Filohan'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka tonga nanatrika ny fivoriana,

Andriamatoa isany:

- 1 RAJAABELINA Lova Herizo
- 2 RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- 3 RAZAKANDRAINNY Henri Dominique

Tsy nisy tonga nivory ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana.

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana,

Andriamatoa isany:

- 1 VONINAHITSY Jean Eugène
- 2 RAFIDIMANANA Narson

Nisolotena ny Governemanta

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | | |
|----|-------------------------------|--------------------------------------|
| 1 | RANAIVOSON A. Harifetra | DGR/MSANP |
| 2 | MAHAVAVY Nicole | Dir. DPLMT/MSANP |
| 3 | RABENOROHANTA Aina D. | DAJ/MSANP |
| 4 | RAVELOMAMPIANINA Hoby S. | DAMM/MSANP |
| 5 | RASOLONDRABE Josefa R. | SGIS/DPLMT/MSANP |
| 6 | RANDRIAMAMPIANDRA Hasindrainy | SLR/DAJ/MSANP |
| 7 | FENO Emile | Président Ordre Régional Antsinanana |
| 8 | RANDRIATIANA Richard | ONP.VP |
| 9 | MORA Edwin | SPM-Président |
| 10 | RAKOTOMALALA Tantely | Ordre de Pharmacien |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa Solombavambahoaka mpanolotra ny tolo-dalàna ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mikasika izany.

Nilaza Andriamatoa Solombavambahoaka fa ny Lalàna laharana faha-2011-002 mikasika ny Fehezan-dalàna mifehy ny Fahasalamam-bahoaka dia mametraka mazava tsara fa ny Farmasia sy ny «Dépôts de médicaments» dia anisan'ireo rafitra napetraka ho mpamatsy fanafody ny vahoaka Malagasy. Ny andininy faha-202 andalana faha-5 dia milaza fa mitsahatra amin'ny asany ny «Dépôts de médicaments» rehefa misy Farmasia ny 10km manodidina azy. Nambarany fa ity farany no nahatonga azy nanolotra ny tolo-dalàna mba hamelana malalaka ireo «Dépôts de médicaments» efa nisy sy niantsehatra talohan'ny fidiran'ny Farmasia ao amin'ny toerana iray. Isan'izany ihany koa ny fitandroana ny asa efa niforona teo.

Raha ny fanovàna nentina teo amin'ny andininy faha-202 andalana faha-4(vaovao) dia milaza fa tokony havela hiantsehatra malalaka ireo «Dépôts de médicaments» izay efa nisy talohan'ny fahatongavan'ny Farmasia ao amin'ny toerana anankiray na dia eo aza ny fisian'ny elanelana 10km.

Manaraka izany, foanana ny andalana faha-5 sy faha-6 amin'ny andininy faha-202-ao amin'ny Lalàna laharana faha-2011-002 tamin'ny 15 Jolay 2011 mikasika ny Fehezan-dalàna mifehy ny Fahasalamam-bahoaka izay manambara fa manan-kery avy hatrany ny fampitsaharan'ireo «Dépôts de médicaments» miasa ao anatin'ny elanelana 10km ahitana Farmasia amin'ny fotoana ivoahan'ny lalàna. Ny fampitsaharana dia hamafisin'ny didim-panjakana avy amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamana araka ny fangatahana ataon'ny Farmasiana.

Rehefa izany dia natolotr'Andriamatoa Filoha ny teknisiana ny fitenenana mba hitondrany fanamarihana mikasika ny tolo-dalàna. Nandritra izany dia nilaza ireo teknisiana, fa efa nisy tolo-dalàna sahala amin'izao natolotr'Andriamatoa Solombavambahoaka izay nampitondraina ny anarany tamin'ny taona 1997 ka natao hoe «Loi Voninahitsy, la cohabitation». Nipetraka izany satria mbola vitsy ny Farmasiana nahavita fianarana avy any ivelany ary mbola sarotra ny handrakotra Farmasia an'i Madagasikara. Ny taona 2006, rehefa hita sy tsapa fa tsy ampy ny Farmasia dia natsangana ny lalam-piofanana ho Farmasiana eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo. Ny taona 2011 dia nanomboka namoaka Farmasiana miisa 20 ka hatramin'ny 25 eo ho eo ny Oniversite ary manodidina ny 300 izy ireo ankehitriny. Mazava tsara anefa ny voalazan'ny lalàna fa ny fahazoan-dàlana omen'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka ny «Dépôts de médicaments» dia «à titre palliatif» ihany ka raha tonga ny Farmasiana izay nahavita fianarana dia mikisaka izy ireo ary efa fantany izany mialohan'ny ahazoany fahazoan-dàlana hisokatra.

Notsindrian'ireo teknisiana ihany koa fa fehezan-dalàna anakiroa no mifehy ny fanafody dia fehezan-dalàna mifehy ny varotra ary ny fehezan-dalàna mifehy ny fahasalamam-bahoaka. Ny fanafody dia poizina asiana fatra, ka raha diso ny fatra omena dia mety hitera-doza. Raha sanatria ka mitranga izany dia mety hampihena ny fifampitokisana eo amin'ny vahoaka sy ny rafitra ara-pahasalamana. Noho izany, tsy tokony ho ny lafiny ara-toekarena no mialoha ny fahasalamam-bahoaka ary notsindrian'izy ireo fa tsy ny fanafody rehetra no afaka amidin'ny “Dépôts de médicaments” any amin'ny vahoaka.

Ary ho an'ireo mpianatra ho Farmasiana dia hampihena betsaka ny fahazotoan'izy ireo hianatra ny taranja farmasia ny fahafahana mivarotra fanafody na ho an'ny olona tsy nianatra mikasika izany aza.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fanamarihana sy fanolorana sosokevitra ny mpivory.

- Fanamarihana avy amin'ny Solombavambahoaka:

1. Rehefa misy «Dépôts de médicaments» tsy manara-dalàna dia tokony ho foanana avy hatrany;
2. Manana zo hanolotra tolo-dalàna ny Solombavambahoaka ka tsy hiandry ny fanitsiana vao afaka hitondra fanavaozana eo amin'ny lalàna;

3. Tsy tokony hatahotra fifaninana ny Farmasiana fa avela halalaka ny fivarotana fanafody, indrindra fa voafetra ny fanafody azon'ny «Dépôts de médicaments» amidy. Fanampin'izany, samy asa fivelomana ireo ka tokony hojerena ny lafiny maha olombelona;
4. Mba hisian'ny «cohabitation» dia tsy tokony hesorina ny «Dépôts de médicaments» izay efa nisy talohan'ny fidiran'ny Farmasia ao amin'ny toerana iray;
5. Misy ny lafiny ara-kalitao sy ara-teknika tsy azo vahana, ka tokony hotandremana ny lafiny ara-piarahamonina mba hisorohana ny disadisa eo amin'ny vahoaka mpanjifa, ny «dépositaires» ary ny Farmasia.

- Fanamarihana avy amin'ny Teknisiana:

1- Tao anatin'ireo «Dépôts de médicaments» efa nijoro dia nisy ny fisandohana sy ny tsy fanarahan-dalàna. Nasiam-panavaozana izy ireo ka vitsy sisa no nahavita izany ka nahazo ny fahazoan-dalana. Etsy ankilany misy fahamarinany ny filazana fa manome asa ny «Dépôts de médicaments», fa tokony hojerena ihany koa fa «à titre palliatif» no antom-pisiany. Etsy andaniny, manana tanora Farmasiana nahavita fianarana isika ka tsy maintsy jerena ny momba azy ireo;

2- Ny fehezan-dalàna momba ny fahasalamam-bahoaka dia mikasika sehatr'asa maro. Efa misy ny fikasana hanao fanitsiana izany izay iarahana amin'ireo mpiantsehatra rehetra voakasika;

3-Misy amin'ireo «Dépôts de médicaments» no tsy manaraka ny fiofanana omen'ny Farmasiana azy amin'ny fomba fitsarana fanafody;

4-Amin'ny ankapobeny dia mazava ny voalazan'ny lalàna fototra fa andraikitry ny Farmasia ny fitehirizana sy ny fitsinjarana ny fanafody ary hita taratra izany any amin'ny firenena mandroso. Misy «retroactivité» ihany anefa ny tolo-dalàna ka manova ny vonjimaika ho maharitra;

5-Mba ho fanadiovana sy fanatsarana ny sehatra fivarotam-panafody eto Madagasikara dia misy ny tetikasa ADO iarahan'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fanjakana Amerikana amin'ny alalan'ny USAID izay manana tanjona ny hampidirana ao anaty rafitra ara-dalàna ireo «Dépôts de médicaments»;

6-Tsy mijanona amin'ny fivarotana fanafody ny Farmasiana fa manome toro-hevitra ny mpanjifa ny amin'ny fanafody mety aminy sy ny fatra ilainy;

- Soso-kevitra:

1. Zava-dehibe ho an'ny vahoaka Malagasy ny tolo-dalàna satria ny fanafody dia aina ary iankinan'ny fahasalamana. Raha ny zava-misy dia ny «Dépôts de médicaments» no mameno ny Distrika, fantatra anefa ny fahaiza-manaon'izy ireo raha ny lafiny fitsarana fanafody no jerena. Noho izany tokony hatsaraina ny fomba fiasan'izy ireo amin'ny alalan'ny fampiofanana mba ho tombotsoan'ny vahoaka Malagasy;

2. Entanina ireo mpanao «Dépôts de médicaments» mba hampirisika ny taranany handrato fianarana mikasika ny lalam-piofanana ho Farmasiana;
3. Tokony hasiana fiaraha-miasa eo amin'ny «Dépôts de médicaments» sy ny Farmasia. Ny «Dépôts de médicaments» dia tokony hanana «pharmacie de référent» ka any izy no mahazo fiofanana sy manjifa fanafody;
4. Tokony hifampidinika indray ny teknisiana sy ny mpiantsehatra voakasika ary ny Solombavambahoaka mba hamoahana fehin-kevitra iraisana. Ohatra: ny fanavotana ny vola nampiasain'ny «dépositaires de médicaments», ny fijerena ny elanelana 10km;
5. Tokony hampidirina ao anaty tetibolam-panjakana ny fanampiana ireo Farmasiana mba hanamora ny fandraisany asa aorian'ny fianarany.

Taorin'izany dia niroso tamin'ny fandaniana ny isan'andiny ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka:

- Famelabelarana ny Antonantony: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;
- Andininy Voalohany: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovana;
- Andininy Faharoa: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandaniana amin'ny ankapobeny ny tolo-dalàna ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka. Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahafahana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany dia nolanian'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny tolo-dalàna laharana faha-003-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2021-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé», natolotr'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Morafenobe», ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 5 ora sy 15 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa misy taratasy avy any amin'ny “Ordre National des Pharmaciens de Madagascar” milaza ny hanemorana ny fandinihana an'ity tolo-dalàna ity tonga eo am-pelan-tànany.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, fa efa tamin'ny taona 2004 no nitondrany an'ity tolo-dalàna ity teto anivon'ny Antenimierampirenena ka tsy tokony hanana eritreritra amin'ny hanemorana azy ny Solombavambahoaka satria fahasalamam-bahoaka no tsinjovina. Lapan'ny demokrasia ato, noho izany aleo aroso ihany ny fandinihana azy na ho lany na tsia.

Rehefa nomena fitenenana Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery, nilaza fa efa nisy dinika natao mikasika an'ity tolo-dalàna ity tamin'ny "mandat" teo aloha, ka raha andrasana vory eto avokoa ny Solombavambahoaka, tsy ho vita mihitsy ny fandinihana azy. Noho izany, aleo laniana ny tolo-dalàna satria fiarovana ny ain'ny vahoaka no voarakitra ao anatin'ny.

Betsaka ireo Distrika no tsy ahitana Farmasia hatramin'izao. Noho izany, tokony tsy handefa taratasy milaza fanemorana momba ny fandinihana ity tolo-dalàna ity ny "Ordre National des Pharmaciens de Madagascar". Betsaka ny vahoaka ho faty raha izy ireo no andrasana satria ny «dépôts de médicaments» no tena mamonjy ny olona amin'ny fividianana fanafody amin'ny aretina mahazo azy. Izay antony izay no itenenana hoe, aleo laniana ity tolo-dalàna ity, hoy Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony.

Nanao satroka Andriamatoa RAJAOBELINA Lova Herizo, fa tokony homena fitenenana ny solotenan'ny Minisitera tonga manatrika eto sao misy zavatra tian'izy ireo holazaina. Aminy manokana, tsy resy lahatra amin'ity zavatra ity izy satria na ny mpikambana tao amin'ny vaomiera aza, maro no tsy tonga nanatrika ny asam-baomiera. Noho izany, aleo ahemotra ny fandinihana azy.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka mba hitondrany ny hetahetany momba ity tolo-dalàna ity.

Nanambara, Ramatoa MAHAVANY Nicole, Talen'ny Farmasia/Laboratoara sy ny fitsaboana nentim-paharazana, ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka, fa efa voalazan'ny tatitra ny ankabeazan'ny zavatra tokony hambara.

Marihana fa ahitana andininy miisa 360 ny lalàna laharana faha-2011-002 momba ny fahasalamana eto amintsika. Miisa telo (03) ny andininy mikasika ny "Dépositaire" ao anatin'ny, raha nanao tolo-dalàna ny Solombavambahoaka VONINAHITSY Jean Eugène, andininy iray ihany no nokitihany tamin'izany. Raha ny marina, ny zavatra tsy manara-dalàna ao amin'ny lalàna laharana faha-2011-002 no tokony hokitihana satria mahavosazy ny tsy fanarahan-dalàna. Noho izany, tsy tokony hoterena ny fandaniahana ity tolo-dalàna ity. Tsara raha jerena ihany koa ny fiaraha-monina eo amin'ny "Dépositaires" sy ny "Pharmaciens" satria toa misy olana amin'izy ireo.

Afarana avy any ivelany avokoa ny fanafody misy eto amintsika, raisina ohatra ny any amin'ny tany mandroso; eo am-pelan-tànan'ny "pharmaciens" ny fanafody rehetra satria ry zareo no nianatra momba izany, tsy toy ny atỳ amintsika hoe olona nanao fiofanana telo volana no mitantana azy.

Andininy miisa telo no mamaritra ny fivarotan'ny Farmasia fanafody eto amintsika. Tsy azon'izy ireo dikaina ny lalàna, tsy toy ny an'ireo mpivarotra PPN hoe ataony amin'izay tiany anaovana azy.

Mikasika ny tsy fisian'ny fanafody; ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka dia nametraka CSB manakaiky vahoaka ary misy fanafody eny anivon'izy ireny. Manaraka ny fenitra ara-pahasalamana ny fanafody amin'ireo toerana ireo.

Nisy nilaza teo fa tsy manao trosa ny Farmasiana. Mitovy amin'ny mpivarotra rehetra eto amintsika izany, ka tsy tokony hasiana adihevitra.

Momba ny fivarotana fanafody atsinjarany, tsy afaka manao izany izahay ato amin'ny Minisitery satria mety hiteraka sazy ho anay. Ny antony, poizina ary mety hitera-doza ho an'ny olombelona ny fanafody.

Momba ny tsy fisian'ny Farmasiana any Ambanivohitra, tsy azo atao mihitsy ny mampifangaro azy ireo satria betsaka ny "Dépositaire" any ka mety hiteraka disadisa. izay no antony nahatonga ny elanelana vinavinaina ho 10Km.

Efa nampivory azy ireo izahay ao amin'ny Minisitery ny Fahasalamam-bahoaka ary tokony hamorona tolo-dalàna izy ireo fa tsy ity boky mirakitra ny lalàna tamin'ny 2011 izay ahitana andininy miisa 360 ity no kitihina iray manontolo.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique; nambarany fa raha tsy misy ity tolo-dalàna ity, tsy misy fandrosoana mikasika ny fahasalamam-bahoaka. Tolotra ara-pahasalama ho an'ny vahoaka no tanjona ka tokony ho fantatra mazava tsara ny lalàna mifehy ny fanafody. Tsy mety raha rotorotoana ny fandanianana an'ity tolo-dalàna ity.

Miteraka olana amin'ny fivarotana fanafody eto Madagasikara ity tetikasa ADO ity, ka aleo aroso eto amin'ny Antenimierampirenena ny volavolan-dalàna momba izany handiniana azy.

Ramatoa ANGELE Solange kosa nanasongadina fa tokony hisy ny marimaritra iraisana eo amin'ny "Pharmaciens" sy ny "Dépositaires" satria famonoana vahoaka ny fanafoanana ny "Dépôts des médicaments".

Teo ampamaranana ny teniny, nanentana ny Solombavambahoaka namany izy handany ity tolo-dalàna ity.

Famelomana ny vahoaka no tanjona hoy Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson raha nomena fitenenana, ka aleo mifandinika tsara ny "Pharmaciens" sy ny "Dépositaires" mba hisian'ny marimaritra iraisana.

Tokony hodinihana tsara ny lalàna mifehy ny fanafody satria vitsy ny Solombavambahoaka no mahalala ny tena zavatra hatao ao amin'ny tetikasa ADO.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène kosa nanamafy fa tsy azo heverina hoe diso ny voalaza rehetra teo saingy ny manome alalana hivarotra fanafody eny amoron-dalana no tsy mety. Raha ny fifaninana misy eo amin'ny "Pharmaciens" sy ny "Dépositaires" dia tsy tokony hisy olana amintsika izany. Andininy iray ovaina ve no tsy handanianana an'ity tolo-dalàna ity. Angamba tsy mety izany.

Nanao satroka Andriamatoa MAMIHAJA Charlot ary nilaza fa tsy azo ampitahaina amin'ny firenena mandroso i Madagasikara. Noho izany, aleo laniana ity tolo-dalàna ity satria fahasalamam-bahoaka no jerena.

Rehefa nomena fitenenana Andriamatoa ANRIANAMBININA Djohary Lee dia nilaza fa mandroaka ireo “Dépositaires” ny fametrahana Farmasia indrindra any Ambanivohitra. Mitovy ihany ny asan’ny “Dépositaires sy Farmasiana, noho izany; aleo hanohy ny asany ny mpivarotra fanafody na dia tsy nandalo fianarana momba izany aza izy ireo. Miaramiombon-kevitra amiko angamba ianareo fa tsy ho tafapetraka any Ambanivolo mihitsy ny Farmasiana noho ny fisian’ny asan-dahalo.

Nilaza Andriamatoa SATRA Augustin raha nomena fitenenana fa aleo laniana ity tolo-dalàna ity satria mitovy avokoa rehefa mpivarotra fanafody saingy ny anarany fotsiny no samihafa. Miainga avy any amin’ny Minisitera ny fanaraha-maso ny mpivarotra fanafody ary tomponandraikitra feno amin’izany ianareo, hoy izy teo ampamaranana ny teniny.

Rehefa nandray fitenenana Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina, nilaza fa ny endrik’ity lalàna mifehy ny fahasalam-bahoaka ity dia mety saingy raha dinihana lalina toa tsy mety ihany. Aleo ahemotra ny fandinihana ny tolo-dalàna satria raha mahazo vahana ny Farmasia, voailika tsy fidiny ny “Dépositaires”.

Tsy mahasahana Kaominina maro ao anaty Distrika iray ny Farmasia iray; noho izany, aleo tazonina ihany ny «dépôts de médicaments», hoy Andriamatoa MAMIHAJA Charlot rehefa nomena fitenenana. Nohamafisiny koa fa “business” avo lenta ny fanindrahindrana ny Farmasia satria natao ho an’ny manan-katao, ka aleo laniana ity tolo-dalàna ity hitsinjovana ny vahoaka Malagasy.

Aza asiana “manoeuvre dilatoire” ny dinika ataontsika eto, hoy Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery raha nanao satroka. Raha ny fanazavana teo no henoina, manilika ny «dépôts de médicaments» ny fanomezana lanja ny Farmasia, ka tsy mety izany.

Nanamafy Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, fa tsy manova ny «Code de la Santé» mihitsy ny fikitihana andininy iray ao anatin’izany. Nahazo “autorisation d’ouverture” avy tany amin’ny Minisiteran’ny Fahasalamam-bahoaka ny mpivarotra fanafody ka tsy tokony hahilika. Nampiasa vola ireo “Dépositaires” ireo ary tsy afaka ny hanonitra izany mihitsy ny Farmasiana raha toa hanilika sy hanafoana azy ireo.

Rehefa nomena fitenenana Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert dia nanambara fa mila dinihana lalina ny fahasalamam-bahoaka sy ny fanafody ampiasaina satria zavatra saro-pady izany ka tsy tokony hatao kitoatoa. Noho izany, mangataka “suspension de séance” izahay ato Vondrona Parlemantera IRD raha mety.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin kosa nilaza fa tsy tokony hoterena hifanaraka ny Farmasia sy ny «dépôts de médicaments» satria mety hiteraka olana eo amin’ny fiarahamonina izany.

Nametraka fanontaniana Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa hoe: nahoana no mangataka “suspension de séance” ny Filohan’ny vondrona Parlemantera IRD kanefa nisy mpikambana tao aminy nanaiky ny handaniana an’ity tolo-dalàna ity.

Nanao satroka Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson ary nanambara fa mitovy daholo ny Solombavambahoaka rehetra ato anatin'ity Lapa ity. Noho izany, manana zo hangataka "suspension de séance" na iza na iza. Mangataka «huis clos» ihany koa ny tenako handinihana lalina ity tolo-dalàna ity raha azo atao.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène kosa nanambara, fa alohan'ny hitondrana ny tolo-dalàna na ny volavolan-dalàna iray dia tokony ho fantatry ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera ny «consigne de vote», hoy izy, tamin'ny satroka nataony.

Rehefa nomena fitenenana Andriamatoa MAMIHAJA Charlot, nilaza fa aleo alaina ny hevitra ny Solombavambahoaka rehetra mikasika ity lalàna mifehy ny fanafody ity vao dinihana. Tsy tokony hifanilika mihitsy ny Farmasia sy ny «dépôts de médicaments» satria mpivarotra fanafody avokoa ny filaza azy ireo raha ny zava-misy eto amintsika no jerena.

Notsindrian'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson kosa nanambara raha nandray fitenenana, fa tsara raha arahana ny «consigne de vote» omen'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera ary tokony hanaraka izany koa ny mpikambana ao aminy.

Taorian'izany, nanontany ny Solombavambahoaka, Andriamatoa Filoha, raha mety ny hiatoana kely alohan'ny handraisana fanapahan-kevitra.
Hatao 15 minitra ve sa 30 minitra sa ora iray izany fiatoana izany, hoy izy.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, ny Solombavambahoaka rehetra tonga nivory no nanaiky fa hatao ora iray ny fiatoan'ny fivoriana.

Niato tamin'ny 12 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Nitohy tamin'ny 2 ora sy 40 minitra, tolak'andro, indray ny fivoriana.

Andriamatoa RASOLONAJATOVO Honoré, hatrany no nitarika izany.

Nambarany taorian'ny fitohizan'ny fivoriana, fa hiditra amin'ny adivevitra avy hatrany ny mpivory.

Nomeny ny teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka ny fitenenana taorian'izay.

Toy izao no nambaran-dRamatoa RABENOROHANTA Aina Diamondra, Tale ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka raha nomena fitenenana: raha ny "Code de la Santé" eto amintsika no jerena, tsy misy milaza fa hofanana ny fisian'ny "dépôts de médicaments". Voalaza ao amin'io "Code de la Santé" io fa mahazo taratasy fahafahana misokatra ny «dépôts de médicaments» rehetra izay mahafeno fepetra, ka tokony tsy ho olana ny fisokafany amin'ireny ahitana azy ireny.

Azo atao hatrany koa ny fanatsarana satria ny hahazoana sehatr'asa amin'ny fampiasana fanafody no tanjona mba hitandroana ny fahasalam-bahoaka.

Mitandro ny fahasalam-bahoaka no andraikitra voalohany sahanin'ny Minisitera hatreto. Noho izany, misy ny fametrahana lamina mba hoentina hahatratrarana izany.

Ankehitriny, efa miroso amin'ny tetikasa fanavaozana ny fehezan-dalàna ny Minisitera araka ny voalazan'io "Code de la Santé" io. Tsy mikasika ny "dépôts de médicaments" sy ny farmasiana ihany no hojerena ao anatin'izany, fa ny sehetra rehetra voakasik'izany.

Efa voalaza tany amin'ny asam-baomiera, fa misy ny tetikasa ADO izay iarahana amin'ny mpiara-miombon'antoka ato amin'ny Minisitera, ahitana ny "dépositaires de médicaments" sy ny farmasiana hitady vahaolana hanatsarana ny asan'izy ireo. Heverina fa mety raha mifanantona ireo sehatra ireo mba hitady vahaolana hitondra amin'ny tsaratsara koa momba ny fahasalam-bahoaka. Rehefa hita ny vahaolana dia izay no arafitra ao anaty ny "Code de la Santé", amin'izay mety samy hahazo ny tandrify azy avokoa.

Mikasika ny «dépositaires de médicaments» sy ny farmasiana manokana, efa nisy fihaonana natao tamin'ny faha-2 Novambra 2021 lasa teo tao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamana, niampy an'ireo mpiantsehatra rehetra mba hanatsarana ny fiaraha-miasa, ka rehefa hanolotra volavolan-dalàna dia hiainga avy amin'ny mpiantsehatra izany mba hialana amin'ny tsy fifanarahana. Marihana fa mbola hitohy ny fihaonana amin'izy ireo amin'ny faha-2 Desambra 2021 ho avy izao.

Farany, manamafy izahay fa mbola miroso ihany koa amin'ny fanavaozana ny «Code de la Santé» amin'izao fotoana izao.

Rehefa izany, nomena fitenenana, Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, nambarany fa «droit de réponse» no hataony. Notsindriany fa fanafoanana ankolaka ny «dépôts de médicaments» no kasain'ny Minisitera hatao rehefa tonga any amin'ny toerana iray ny farmasia. Izay lalàna izay no hahitsy eto raha ny marina.

Taorian'izay, nomena fitenenana, ny Lehiben'ny «Dépositaires de médicaments» eto Madagasikara, ka toy izao no nambaran'Andriamatoa RAZAFIMANANTSOA Nandrianina: nilaza ny Minisitera fa misy ny tetikasa ADO izay noeritretina hoe hanatsarana ny tontolon'ny fivarotana fanafody eto amintsika sy ny fahasalam-bahoaka amin'ny ankapobeny. Marihana fa vitsy ny «Dépositaires de médicaments» nantsoina tamin'izay fihaonana izay. Izany hoe, tsy nampandrenesina ny olona tena tomponandraikitra, fa olombitsy no nantsoina tamin'izany. Tahaka izay koa ianareo Parlemantera, mety tsy nantsoina mihitsy aza.

Momba ny fividianana fanafody any amin'ny "dépôts de médicaments", manome antsingarany izahay. Manampy ny olona amin'ny fahazoany fahasalamana izany satria ny farmasia tsy hanao an'izany mihitsy. Izahay koa no anisany tonga any amin'ny toerana farany lavitra izay tsy tongan'ny fiara. Izany hoe, ny fisianay dia mampirisika ny olona hanapitra ny fanafodiny. Afaka miverina mividy izy rehefa lany ny fanafody any aminy satria mirary ny vidiny ary afaka mampitrosa koa izahay rehefa tsy ampy ny volan'ny mpanjifa. Mameny ny banga izahay raha ny marina. Ao anatin'izay koa, manome asa ho an'ny olona hafa koa.

Raha bangoina, mampivoatra ny fahasalamam-bahoaka ny fisianay satria noho ny fahefa-mividy'ny vahoaka izay ambany, azony atao ny miverimberina ao aminay araka ny vola any aminy hividianany fanafody. Marihana fa ny farmasia tsy hanome fanafody antsinjarany izany mihitsy ary anjaranay no manentana ny olona hanapitra ny fanafodiny. Izay no antony ilazana fa mameno ny banga izahay.

Raha ny Lalàmpanorenantsika no jerena, anjaran'ny fanjakana no manome fahasalama mendrika ho an'ny vahoaka Malagasy. Izany hoe, mifanohitra amin'ny Lalàmpanorena ny fanakisahana ny "dépositaires de médicaments" rehefa tonga any ny farmasia.

Marihana fa saika nanao satroka daholo ny Solombavambahoaka nandray fitenenana taorian'ny fanazavana nataon'ny ny Lehiben'ny «Dépositaires de médicaments» eto Madagasikara.

Andriamatoa RAJAABELINA Lova Herizo, raha nomena fitenenana, nambarany fa adihevitra eo amin'ny Solombavambahoaka sy ny teknisianan'ny Minisitara no tokony hatao eto satria tsy avy amin'izany ny mpandray fitenenana teo, ka tsy tokony haneho hevitra.

Namaly Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, fa tsy mitombina izay resaky ny namana izay satria raha tany amin'ny asam-baomiera, tsy tonga tao ny solotenan'ny "dépositaires", tsy nasiana olona izay. Tonga izy izao, fa ny solotenan'ny farmasia indray no tsy eto. Tsy tokony hotampenam-bava izy fa avelao haneho ny heviny satria tsy nisy nisakana ny farmasiana tsy ho tonga eto anie isika. Tsy misy lalàna misaka izany ato amintsika, fa avelao ny olona hiteny.

Nandray fitenenana, Andriamatoa Filoha, ary nanambara fa tokony halalaka ny fandraisana fitenenana satria ao ny antony matoa tonga eto isika rehetra ary efa misy fandaminana momba izany ihany koa. Avelao izy hitondra fitenenana aloha.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, kosa raha nomena fitenenana; nilaza fa lapan'ny demokrasia ato amin'ny Antenimierampirenena, ka malalaka ny fandraisana fitenenana. Mbola tsy tapitra ny adihevitra satria misy olona tokony hiteny eto.

Nandray fitenenana Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery, ka toy izao no teny nataony: matoa ny olona tonga ato, afaka miteny izy fa tsy tokony hotampenam-bava; na Solombavambahoaka izany na teknisiana. Manan-jo hanazava ny zava-misy iainany izy ka avelao hiteny.

Momba ny fandaminana kosa no nandraisan'Andriamatoa RANDRIAMBOLAINA Gerry, nambarany fa mety tsy ho eto no ieritreretany namana sasany hanazavan'ireo olona voakasika amin'ity tolo-dalàna ity ny resany kanefa tokony ho heno kosa ny heviny mikasika ny zavatra iainany ao anatin'ny zavatra dinihana ato. Izany hoe, tokony hantsoina daholo ny andaniny sy ny ankilany ary samy haneho ny heviny dia ho hita eo izao hatao. Aza tampenam-bava izy fa avelao hiteny.

Nanambara Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, fa somary lasa lavitra noho izay no fandraisany izao zava-miseho izao. Mbola tsy ampy ny sehatra nifampiresahana tamin'ity tolo-dalàna ity, ka aleo ahemotra ny fotoana handinihana azy kanefa atao amin'izao fivoriana ara-potoana faharoa izao ihany. Ny antony, samy mbola hitondra ny heviny na ny Minisitery na ny "dépositaires" na ny farmasiana. Izay no mahatsara azy raha ny hevitra.

Nanamarika Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert, fa mbola tsy vory daholo ny olona tokony hamolavola azy ity. Ny dikan'izay, nisy lesoka hatrany amboalohany ity tolo-dalàna ity. Tonga ny ankilany, ny andaniny tsy eto. Noho izany, mitsipaka tanteraka ny fanafoanana ny "dépôts de médicaments" izahay na iza na iza tompon-kevitra amin'izany. Ny antony, any Ambovombe Androy izay renivohi-paritra, tsy misy farmasia na iray aza fa "dépôts de médicaments" no mamonjy ny olona any. Eo anatrehan'izay, miangavy antsika Solombavambahoaka, indrindra Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, aleo harenina hatrany ifotony izy ity; antsoina izay rehetra voakasika ary ao anatin'izay ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fahasalamana mba hivory handinika azy ity aloha. Alamino any amin'ny asam-baomiera ka aorian'izay entina eto handaniana azy amin'ny fivoriambe.

Rehefa izany, namaly Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, fa raha tsy maintsy ahemotra ny fandinihana azy ity, aleo mba atao amin'izao fivoriana ara-potoana faharoa izao ihany, fa tsy atao tara loatra.

Andriamatoa RANDRIAMBOLAINA Gerry, kosa raha nandray fitenenana, nanamarika fa efa ela no niadian-kevitra tamin'ity lalàna mikasika ny fahasalamana ity kanefa tsy mety vita hatramin'izao. Tsy nahita marimaritra iraisana ny roa tonta. Raha ny hevitra, aleo hojerena ny maharary an'ireo "dépositaires de médicaments" ireo. Ny antony, nahavonjy ain'olona marobe izy ireo tamin'ny hamehana ara-pahasalamana nandalovantsika teto amin'ny firenena. Noho izany, tokony hampiana ny "dépositaires de médicaments" eto amintsika. Aleo ny marimaritra iraisan'izy roa tonta no jerena, samy apetraka amin'ny toerany avy ny tsirairay.

Raha amin'ny hanemorana ny handinihana azy, aleo hatao amin'izao fivoriana ara-potoana faharoa izao, hampidirina amin'ny fandaharam-potoana izay manaraka eo. Amin'izay fotoana izay, antsoina daholo ny olona rehetra voakasika amin'ny zavatra voalaza ao anatin'ny.

Ramatoa VOAHINGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette kosa naneho fisaorana an'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, tamin'ny nanolorana an'izao tolo-dalàna izao satria miombon-kevitra amin'ny tsy hanafoanana ny «dépôts de médicaments» satria avy any ambanivohitra izy sady mahavonjy olona tokoa ny fisian'izany. Nasongadiny, fa tsy azo itrosana ny farmasia kanefa ny «dépôts de médicaments» afaka mampitrosa ny olona mividy fanafody ao aminy.

Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique kosa nanamarika fa tsy hiditra amin'ny fanemorana na tsia amin'ny fandinihana ny tolo-dalàna ny tenany. Notsindriany fa misy andininy milaza ao amin'ny lalàna hoe: rehefa tonga amin'ny toerana iray ny farmasia dia miala ny «dépôts de médicaments», mikisaka any amin'ny 10Km. Izay no namboarina hoe: mitohy ny asan'ny «dépôts de médicaments» ary mahazo miditra koa ny farmasia.

Ny zavatra tsapa, miaro ny farmasia ny Minisiteran'ny Fahasalamana, fa tsy miaro vahoaka. Hatsarao ny fomba fitantanana sy ny tolotra omena ny vahoaka, fa maninona no taitra ianareo rehefa misy Solombavambahoaka te-hitondra fanatsarana. Inona no tsy nanaovana izany hatramin'izay. Asio lanjany ny «dépôts de médicaments» izay miparitaka eran'i Madagasikara, fa tsy tokony hakisaka izany.

Zavatra roa no nandraisan'Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee fitenenana. Voalohany, ny mpanolotra ny tolo-dalàna efa nanaiky ny hanemorana ny handinihana azy. Tsy hanaiky mihitsy amin'ny fanakisahana ny «dépôts de médicaments» any amin'ny 10Km io koa izahay.

Faharoa, te-hanao volavolan-dalàna hafa ve ny Minisitera satria raha jerena, toa ny tetikasa ADO no tianareo hoentina eto kanefa Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène no hanolotra azy.

Ho ahy manokana, hoy izy, raha izaho no nitondra ny tolo-dalàna izay nampiasa loha ahy, avy eo lasa volavolan-dalàna atolotry ny Minisitera indray. Manahirana raha izay no fandehany.

Toy izao kosa ny teny nataon-dRamatoa RAVELOMAMPIANONA Hoby Sitraka, Tale avy ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamana-bahoaka raha nomena fitenenana: tsapa fa misy tsy fitovian-kevitra eo amin'ny roa tonta raha ny tolo-dalàna no jerena. Izany hoe, mila fifanakalozan-kevitra amin'izy ireo alohan'ny hahitana ny marimaritra iraisana.

Misy fanamarihana kely entina momba ny “comité de pilotage” amin'ny tetikasa ADO: ao anatin'io komity dia ahitana ny solotenan'ny Vaomieran'ny Fahasalamana ato amin'ny Antenimierampirenena sy ny Minisiteran'ny Fahasalamana, ny solotenan'ny holafitry ny farmasiana sy ny dokotera ary ny solotenan'ny “dépositaires de médicaments”; ao koa ny solotenan'ny USAID. Efa nivory imbetsaka ireo olona ireo ary nisy fehin-kevitra navoaka; nisy ihany koa Faritra roa voafidy hanombohana ny tetikasa. Tsarovy fa fanofody no resaka eto; nisy olona nianatra manokana mikasika izany kanefa tsy ampy izy ireo. Eo anatrehan'izay, tokony samy hatsaraina ireo sehatr'asa roa ireo. Efa misy sehatra ahafahana mifampidinika ao amin'ny Minisitera amin'izao fotoana izao mba hanatsarana ireo fivarotam-panafody roa ireo ary ny fahasalamana iray manontolo mihitsy no voakasik'izany. Ao anatin'izay, tsy hisy fomba hanilikilihana ny sehatra iray na sehatra hafa izany ary tsy hiandany amin'iza na amin'iza izahay satria avy atỳ aminay no ahazoan'ny “dépôts de médicaments” sy ny farmasia taratasy ahafahany misokatra. Raha tsy manaraka izay voalaza ireo sehatr'asa roa ireo dia azo lazaina fa manilika ny “autorité” ananan'ny Minisitera.

Efa vonona ny Minisitera araka ny voalaza teo aloha sady efa nanokatra sehatra ahafahana miady hevitra ho an'izay voakasika amin'izao tolo-dalàna izao. Efa nisy fivoriana natao tamin'ny faha-2 Novambra 2021 teo mikasika izany.

Raha misy milaza ny andaniny na ny ankilany fa tsy ampy ny isan'ireo olona soloteny, azo itarina izany. Ny angahatan'ny Minisitera dia olona mahatapakevitra no mba hanatrika ny fivoriana amin'izay afaka manolotra hevitra ny rehetra aorian'izay.

Farany saro-pady ny fanafody satria miankina aminy ny aina sy ny fahasalamana, ka tokony ho izay no dinihana.

Nanao satroka, Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert ka nomena fitenenana. Nambarany fa tsy mifanaraka amin'ny zavatra tokony hodinihana no namalian'ny Minisitery ny teny teo aloha, ka aleo tapahana ny fanazavany ary handraisana fanapahan-kevitra hoe rahoviana no hanemorana ny fandinihana ity tolo-dalàna ity.

Raha hanao volavolan-dalàna ny Minisitery, zony izany; azony entina eto hodinihana koa izay. Ny zavatra misy ankehitriny dia tolo-dalàna avy amin'ny namana, ka izay no tokony hasiana resaka.

Ity no hojerena hoe rahoviana ny fotoana hanemorana ny fandinihana azy.

Nomena fitenenana Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, ka toy izao no nambarany: mankahery an'Andriamatoa Filoha Lefitra satria rehefa misy zavatra mafimafy tahaka izao, izy no asaina mitarika fivoriana.

Ny Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriana izao dia manohana ity tolo-dalàna ity saingy noho ny fandaminana, nanaiky ny rehetra fa aleo ahemotra kely ny fandinihana azy. langaviana ny Birao Maharitra mba hampiditra azy ity amin'ny fandaharam-potoana manaraka izay hataony amin'izao fivoriana ara-potoana faharoa izao.

Rehefa izany, nomena fitenenana Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD ary nanambara fa amin'ny maha zava-dehibe ny fahasalamam-bahoaka, mahatsapa ny Solombavambahoaka fa tokony hisy fifampidinihana eo amin'ny telo tonta hahitana ny marimaritra iraisana mba ho tombotsoan'ny vahoaka Malagasy.

Efa manatsara ny kalitaon'ny asa fanaovan-dalàna koa isika ary misaotra an'Andriamatoa mpanolotra ny tolo-dalàna izahay sady nanaiky ny hanemorana ny fandinihana azy satria mbola hisy fifampidinihana hatao, amin'izay matotra kokoa ny zavatra hivoaka amin'izay fotoana izay. Noho izany, takiana ny hanemorana ny handinihana ity tolo-dalàna ity saingy angatahana ho hita ao amin'ny fitanana an-tsoratra hoe: hatao amin'izao fivoriana ara-potoana faharoa izao ihany.

Taorian'izay, nanamarika Andriamatoa Filoha, fa nilamina ny resaka rehetra teo ka hiroso amin'ny handraisana fanapahan-kevitra amin'ny fotoana hanemorana ny handinihana ity tolo-dalàna ity ny mpivory.

Notsindriany fa amin'izao fotoam-pivoriana izao no handinihana ny tolo-dalàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka maro no nanaiky fa hahemotra ny fandinihana ity tolo-dalàna ity ary hatao amin'izao fotoam-pivoriana izao ihany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka roa no tsy nilaza ny heviny.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha; fa ny Alatsinainy 8 Novambra 2021 sy ny Talata 9 Novambra 2021 amin'ny 10 ora, maraina sy amin'ny 3 ora, tolak'andro; hisy ny seminera iarahana amin'ny "Assemblée Parlementaire de la Francophonie" (APF) izay hatao ato amin'ny efitrano fivorian'ny Antenimierampirenena.

Niato tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona